6 Inona no ahafahana mametraka fanamarihana na fitarainana na soso-kevitra

Manan-jo hametraka **fitarainana** ianao raha :

- **voailikilika**
- misy manao **kolikoly**
- **tsy ampy** ny vola voaray
- **tsy mifanaraka** amin'izay nifanarahana no miseho na atao
- misy **tsindry hazolena**

Fenoy ny takila voatokana amin'izany !

033 65 300 03 / 034 30 810 __ __
(Antso tsy andoavam-bola)

7 Ny adidinao !

- **Mampiroborobo ny famokarana** eo anivon'ny ankohonanao sy manaraka ny torohay fanatsarana ny vokatra.
- **Mandray anjara** sy maneho hevitra amin'ny fivoriam-be, sy ny fandrafetana ny drafi-panajariana.
- **Manaja ny fitsipika** mifehy ny fanatanterahana ny « Asa Avotra Mirindra »
- **Mandefa ny zanaka hianatra**
- **Manatona tobimpahasalamana** raha misy marary na tokony hatao vaksiny sy manara-maso ny vohoka
- **Tanteraho ny andraikitra !**
  Tadidio fa raha tsy tonga miasa ianao dia mihena na ho tapaka ny vola raisinao.

Ento ny boky fandraisam-bola na piosy (carte puce) ary ny boky « Asa Avotra Mirindra » rehefa handray vola.

ASA AVOTRA MIRINDRA

ZO SY ADIDY

MPPSPF

MAEP

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT
MADAGASCAR

1 Arahabaina ! Mpisitraka ny Asa Avotra Mirindra ny tokantranonao ankehitriny

80 andro isan-taona amin'ny sarany **Ar 4 500** isan'andro no anjaranao mandritry ny :

2 taona

Ny drafitr'asa no mamaritra ny fandaminana ny andro iasana.

2 Ahoana ny fandraisana ny vola ?

In-telo isaky ny 40 andro no fandraisana ny tambin-karama :

- Voalohany : Ar 45 000 **alohan'ny fahafolo andro** iasana
- Faharoa : Ar 45 000 **alohan'ny faharoapolo andro** iasana
- Fahatelo : **miankina amin'ny isan'andro nahatongavana niasa**, izany hoe Ar 180 000 - Ar 90 000 - Ar (andro tsy niasana **x** 4 500).

Ento ny kara-panondro, karatra « Asa Avotra Mirindra » sy ny piosy rehefa handray vola.

3 Ny andraikitrao : ahafahanao misitraka

5 ora isan'andro

Mpisitraka sady mpiasa
Manatanteraka ny voalaza ao amin'ny drafitr'asa. Izany hoe **miasa 5 ora isan'andro** amin'ny fotoana efa voatondro sy nifanarahana ary **manaraka ireo fiofanana** voalaza.

Mpisitraka nefa tsy mpiasa
Manamarina fa ao anatin'ny lisitry ny mpisitraka izy.
** Voakasik'izany ireo manana fahasembanana*

4 Raha tsy tonga miasa na miala antsitra-po ianao dia inona no hitranga ?

Tsy mandray **vola** na mihena ny vola raisina

- **Tsy tonga miasa :** mifanaraka amin'ny isan'ny andro niasana ny vola raisina ho an'ny mpiasa.
- **Tsy isan'ny mpisitraka :** esorina tsy ho isan'ny mpisitraka ireo tsy tonga miasa mihoatry ny 10 andro misesy (tompon-toerana sy mpisolo toerana vonjimaika). Esorina koa ireo mametraka fialana.

5 Ny zonao ! mpisitraka ny Asa Avotra Mirindra

- Mandray karama mifanaraka amin'ny andro niasana.
- Mahazo ireo fitaovana zaraina maimaim-poana ho an'ireo manatrika fiofanana.
- Manatrika ireo fiofanana sy fanentanana ao anatin'ny tetik'asa
- Mahazo torohevitra momba ny fiahiana ara-tsakafo eny amin'ireo toby miandraikitra izany (Toby FAFY)
- Fahafahana mandefa ny zaza hianatra
- Fahafahana mamonjy ny tobimpahasalamana (CSB)



- Hametraka fitarainana raha tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy ny miseho eny an-toerana